



SERASERAN'NY TANDEVANALA



Takela-pifandraisana

Harena voajanahary tsara tantana, fiaraha-monina mirindra sy mivoatra

Laharana 11- Marsa 2013

01 Marsa: Asa fikolokoloana ny fambolena-kazo tao Kianjasoa Fianarantsoa

01 Marsa 2013

Notanterahina tao Kianjasoa Fianarantsoa tamin'ny 01 marsa 2013 ny fikolokoloana ny fambolena-kazon'ny CMP Tandavanala izay iaraha-miasa amin'ny Kaominina Renivohitra Fianarantsoa. Mpiaramiombon'antoka vitsivitsy avy tao Fianarantsoa no niara nisalahy tamin'izany dia ny : Conservation International, ny COFAV, ny ARO VOAHAARY ary ireo mpiandraza mpandala ny Zavaboary avy ao amin'ny ISTE, CFP Tsianolondroa ary ny CEG Rakotozafy Alphonse. Nanatrika sy nanome voninahitra ity fikolokoloana ny fambolena-kazo ity kosa Andriamatoa Lehiben'ny Foibem-paritry ny Tontolo lainana sy Ala eto Matsiatra Ambony.



Tombana

Raha ny tombana natao dia nahatratra dimampolo isan-jato (50%) eo ho eo ny taham-pitsirian'ny zanankazo novolena tamin'ny taon-dasa ka izany indrindra no nahatonga ny fanapahan-kevitra hanao ny fikolokoloana sy ny fanosohana izay zanankazo maty. Miisa 600 ireo zanankazo novolena, nahitana acacia sy kininina. Ny tanjona dia ny ahazoana vokatra tsara sy mahomby ka hezahina ho tohizana isan-taona ny fikolokoloana ny fambolena-kazo.

Zava-dehibe ny fikolokoloana

Raha tiana ny hahazo vokatra amin'ny fambolena-kazo dia tokony tsy atao amban-javatra ny fikolokoloana azy satria antoka amin'ny fahaveloman'ny zanankazo izany. Raha ny hazo

novolena teto Madagasikara tokoa mantsy no nasiana fikolokoloana hatrizay dia inoana fa efa rakotr'ala indray i Madagasikara ankehitriny. Toa lasa zary faharazana ihany amin'ny ankapobeny ny fambolena-kazo fa toa hadinodino sy heverina fa tsy tena zava-dehibe ny manao jery todika.

Ny fikolokoloana dia manomboka eo amin'ny faha herintaon'ny nanaovana fambolena-kazo:

- voalohany indrindra amin'izany ny fanosohana ireo hazo maty rehefa amin'ny fotoan'ny orana;

- manarak'izay dia mila sorohana ihany koa ny manodidina ny hazo rehefa manomboka maniry satira raha lava ireo bozaka manodidina dia manelingelina ny fitombony, atao ihany koa izany mba ho aro afo;

- manomboka eo amin'ny faharoa ka hatramin'ny faha dimy taonany kosa dia rantsanana ny hazo, izany hoe rehefa eo an-dalam-pitomboana. Ny antony anaovana ny fandrantsanana dia mba hampitombo ny hazo haingana sy hahazoana hazo mahitsy.

Nivo R.



Tanora mpiandraza avy ao amin'ny CEG Rakotozafy Alphonse Fianarantsoa

CMP TANDEVANALA

Enceinte de la Direction Régionale de l'Elevage,
Besorohitra - Fianarantsoa
Tel: 020 75 516 58 034 20 516 58 BP: 1099
Courriel: cmp.fianar@moov.mg
Site web: http://www.tandavanala.org

«Si une partie seulement de la société profite de certaines richesses, une déprédation de l'environnement – une marée noire ou un nuage toxique radioactif – frappe toutes les classes sociales et traverse les frontières.»

Ulrich Beck

Tsetratsetra tsy aritra

Firy taona moa izay no nanaovana fanentanana ho fampandrosoana ny eny ambanivohitra sy ny filazana ny tsy mahamety ny tevy ala sy ny doro tanety ary ny tokony hiarovana ny tontolo iaianana, indrindra fa ny Tandavan'ala ?

Vola tsy toko tsy forohana no lany tamin'izany nandritra ny taona maro na ny avy amin'ny fanjakana mivantana na ny avy amin'ny mpamatsy vola ivelany.

Inona anefa no zavatra tsapa amin'izao fotoana izao ? Toa miha sahirana ihany ny mponina ary miha ritra hatrany ny Tandavan'ala. Tsy ampy mandava taona ny sakafo saha ho hanina isan'andro. Tsy misy ny fidiram-bola maharitra ahafahana miatrika ny filana ara-tsosialy andavan'andro. Ny zavatra voamarika mantsy taorian'ny taona 1972 dia nihagoragora na ny fitondrana na ny fifehezana-tenan'ny olona. Tsy maharim-pery amin'ny asa an-tsaha ny ankamaroan'ny tanora ka saiky nitady zavatra moramora nefa ahazoana tombony ny sasany. Teo anefa ireo fanentanana, famporisihina, fanampiana isan-karazany avy amin'ny fanjakana sy ny tsy miankina. Toa tsy dia nahitam-bokatra tena mivaingana anefa ireny raha tsy olona tsongaina vitsivitsy azo isaina.

Tonga ny fotoana, sao dia tokony hitady fomba fiasa vaovao hahombiazana tsy ankiandriandry ary ny eny anivon'ny Kaominina izay kitro ifaharan'ny fampandrosoana.

Fomba fiasa izay tsy iandrasana fanjakana foibe na mpamatsy vola hafa. Fomba fiasa izay mila fahasahiana satria hatao karazana didy tsy maintsy tanterahana rehefa nanadihady ny filan'ny vahoaka.

Hita amin'izao fotoana izao fa somary miha-goragora ny fandavan-tenan'ny mponina. Ny zavatra hita fa mahaso azy tsy vitany. Toa mitady zavatra moramora ihany. Toa miandry fanampiana lava. Mba hialana amin'io toetra io dia toa ilaina ihany ny an-tery sy ny fifampifehezana hentitra. Toa tsy ampy ny fanentanana sy famporisihina fotsiny. Marina fa somary manahirana izany eo anatrehan'ny demokrasia nefa raha hahasoa sy hiadiana amin'ny fahantrana dia azo eritreretina ihany.

Raha ny fijery tsotra dia ireto no zavatra heverina fa maika indrindra tsy iandrasana olona ivelany:

-Ady amin'ny tsy fahampian-tsakafo: Ny fianakaviana tsirairay dia tsy maintsy hahavatsy ny sakafo ilainy mandritra ny taona amin'ny alalan'ny vokatra voleny. Tokony tsy hivarotra vokatra izy ireo raha tsy misy ny ambim-bava. Atao adidy ny tsy maintsy ananan'ny feno 18 taona no miakatra karinem-pamokarana na lahy na vavy ka tsy mianatra intsony. Harahin'ny tompon'andraikitra amin'ny Kaominina sy ny Fokontany maso izany ka hosaziana izay tsy mamboly.

-Fitadiavana fidiram-bola hafa ahafahana mamita ny filana madinika rehetra toy ny asa fiompiana, taozavatra, rary sns Zavatra efa natao tany aloha tany ireo ka asa ny mety ho fanatanterahana izany amin'izao fotoana izao.

Tsetratsetra tsy aritra ihany iny ka am-bava homana, am-po mieritreritra. Mila fahasahiana anefa satria tsotra am-piresahana fa sarotra am-panantaterahina.

NDRIAMBOAVONJY Joharison

Moroteza miaro ny tandavan'ala

Tetik'asa fanampiana sy fampivoarana ny fari-piainan'ny mponina

Nandritra ny volana vitsivitsy tamin'ny faraparan'ny taona 2012 no notanterahina tao amin'ny Kaominin'i Moroteza, Distrikan'i Vondrozo, Faritra Atsimo Antsinanana ny tetik'asa fanampiana sy fampivoarana ny fari-piainan'ny mponina ao an-toerana. Nisy araka izany ny Teknisianina izay nanofana sy nitarika ireo vondron'olona Ifotony teo amin'ny Kaominina Moroteza sy ireo fokontany ao aminy ka ireto daholo ireo sehatr'asa nanofanana ireo mpikambana :

- Fikarakarana sy fametrahana tanin-janankazo ka namokarana: acacia, albizzia ary kafé
- Fambolena karazana legioma toy ny: karaoty, petsay, voatabia sns
- Fambolena oviala
- Fambolena vary ara teknika
- Fampianarana ny fampiasana sy fandrahoana ireo vokatra novolena
- Fanamboarana sy fampiasana fatana mitsitsy

Nahafahan'ireto mpikambana ireto nampihatra ny fahalalana azo tamin'ny fiofanana avy hatrany ny fahazoana ambioka toy ny: vary, tsaramaso, oviala ary ireo legioma isan-karazany.

Tanjona ho fiarovana ny tandavan'ala

Ireo asa rehetra notanterahina dia manatratra ny tanjona ho fiarovana ny tandavan'ala satria amin'ny ankapobeny dia noho ny tsy fahampian-tsakafo sy ny fahantrana no mahatonga ny mponina hanimba sy hitrandraka ny ala voajanahary ka natao indrindra ny fambolena karazana legioma sy ny oviala mba ho fanatsarana ny fiahiana ara-sakafon'izy ireo.

Manampy trotaka ny tsy fahampian-



Tohana ara masomboly ho an'ireo fikambanana sy vondrona miaro ny tandavan'ala

tsakafo sy ny fahantrana ihany koa ny havitsian'ny hazo hampiasaina hatao kitay ka zary ny kafe sy manga no atao kitay izay ahiana hirona any amin'ny fampiasana hazo ala atsy aoriana kely;

Fatana mitsitsy KAMADO

Mba ialana amin'ny fanapahana ala betsaka loatra ary dia nampianarina sy napariaka tao Moroteza ny fananamboarana sy fampiasana fatana mitsitsy. Fatana mitsitsy KAMADO no anaran'ilay fatana mitsitsy. Izy io dia vita amin'ny tanimanga, tanimena, lavenona, mololo ary rano; izany hoe vokatra hita any an-toerana avokoa. Mora amboarina satria raha ela indrindra dia ora iray ihany dia mahavita fatana iray, fa somary mila fotoana lavalava kosa ny fanamainana azy (eo amin'ny folo andro eo ho eo).

Ity fatana mitsitsy KAMADO ity dia tena azo lazaina fa mitsitsy kitay tokoa satria

raha nampiasa kitay folo ny tokantrano iray vao mahamasaka vary amin'ny fatana tsotra na ny toko vato dia lasa kitay telo sisa dia ampy andrahoana vary. Mampihena ny fanapahana hazo izany ka manampy indrindra amin'ny fiarovana ny tandavan'ala.

Raha ny tarehimarika farany azo dia fianakaviana miisa 188 ao Moroteza no efa resy lahatra amin'ny fampiasana ity fatana mitsitsy Kamado ity. Fatana efa maherin'ny 300 isa kosa no miparitaka amin'ireo tokantrano ireo.

Marihina moa fa ity tetik'asa tao Moroteza ity dia fiaraha-miasa teo amin'ny WWF sy ny JICA ary ny CMP Tandavanala ka hezahina ny hanohy hatrany ny fanohanana amin'ity taona 2013 ity.

Nivo R.
Njara H.

Fitantanana ny faritra arovana vaovao COFAV

Fiaraha-mitantana

Nanomboka tamin'ity taona 2013 ny fifanarahana amin'ny fiaraha mitantana ny faritra arovana COFAV (Corridor Forestier Ambositra – Vondrozo) ka mifandrimbona amin'izany ny: Conservation International, ny WWF ary ny CMP Tandavanala. Araka izany dia efa manomboka ny asa ka efa voafidy avokoa ireo ekipa hanatanteraka ny asa.

Asa ho tanterahina:

- Maro ireo asa ho tanterahina mba ho fanamafisana ny fitantanana ny faritra arovana vaovao COFAV ka anisan'ny misongadina ny:
 - Fanamafisana ny fametrahana ireo marika mamaritra ny faritra arovana sy mamaritra ny faritr'ala tena arovana
 - Fanaovana fitsirihina matetika any anaty ala izay hiara-miasa amin'ny tompon'andraikitra isan-tsokajiny
 - Fanentanana faobe eny anivon'ny Kaominina voakasiky ny Tandavan'ala
 - Fanamafisana ny fahaza-manaon'ireo fikambanana na vondrona miaro ny tontolo iainana eny ifotony amin'ny lohahevitra maro samihafa

Fametrahana tompon'andraikitra isaky ny Distrika

Ho fanantaterahana amin'ny an-tsakany sy an-davany ny asa rehetra dia misy ireo ekipa mpiara-miasa isaky ny Distrika voakasiky ny tandavan'ala dia Ambositra, Ambohimahasoa sy Lalangina, Vohibato, Ambalavao, Ifanadiana, Ikongo Avaratra sy Atsimo, Vondrozo ary Ivohibe

Miisa sivy (09) izy ireo ka antsoina hoe "Chef Secteur". Izy ireo dia eny ifotony hanamafy ny asa fanarahamaso sy ny fitantanana ny harena voajanahary, indrindra fa ny tandavan'ala. Ho voaara-maso daholo araka izany ireo Kaominina rehetra voakasiky ny tandavan'ala Ambositra – Vondrozo ka hisy ohatra ny fitsirihina izay atao isam-bolana any anaty ala izay hiarahana amin'ny lehiben'ny ala eny an-toerana sy ireo mpikambana ao amin'ny Vondron'olona Ifotony vokasiky ny atiala. Andraikitr'izy ireo ihany koa ny manome tohana ireo Vondron'olona Ifotony eo amin'ny fampiharana ny Drafimpitantanana sy ny bokin'andraikitra ka hampahomby ny fitantanana ny atiala.

Ny irariana dia mba hihatsara hatrany ny fitantanana maharitra ny tandavan'ala amin'ny fisian'ireto ekipa vaovao miasa eny anivon'ny Kaominina ireto. Irariana ihany koa ny fandraisan'anjarian'ny tsirairay amin'ny fiarovana sy ny fikajiana ny tandavan'ala satria mila ny fifandrimbonan'ny rehetra ity asa masina ity.

Nivo R.

Santonany amin'ireo olona resy lahatra tamin'ny fampiasana fatana mitsitsy KAMADO tao amin'ny Kaominina Moroteza



Ramatoa Lanto
Mpivarotra hani-masaka



Andriamatoa
Fanomezantsoa.
Mpikambana VOI
Mahavonjy Moroteza



Ramatoa Hary,
Mponina ao Moroteza



Ireo baorina mamaritra ny faritra arovana vaovao COFAV : Corridor Forestier Ambositra - Vondrozo

Ilay Harena Sarobidy

Madagasikara feno zava-tsoa
Io ilay Nosy rakotra ala maitso mavana tokoa
Ho lazaina sy ambara fa tsy manam-paharoa
He ka maro mpahalala fa Nosy mendrika tokoa

Sao dia tsy fantatrao fa ity Nosintsika ity
Hatrizay ka hatrizao dia mbola maro mpankafy
Ireo Firenena maro, Frantsay sy Anglisy
Dia samy mifangaro ka mandany tsy akitsitsy
Tonga mba hizaha tany, raha vao mandre ny hatsarany

Ny ala sy ny biby no mahaliana an'izy ireo jerena
Dia ny varika, ny vorona sy ireo maro sesehena
Io ilay harena sarobidy sy reharem-pirenena
Eh, toa efa mila miha simba ré! Ka mila famonjena

Andao isika hiara hiasa hikajy sy hiaro ny ala
Fa io ilay harena sarobidy ho lovan'ny zanaka amam-para
Ny tavy sy ny doro tanety, atsaharo fa tsy ekena
Fa tena zavatra tsy mety mampahantra firenena
Toy izany koa ny fihazana ireo biby anaty ala
Fa maha voasambotra mihitsy satria ny tany tan-dalàna

Ho ritra tokoa anie ny rano
Noho ny vokatry ny tavy
Ka ho an'iza moa ny fahantrana?
Moa tsy ho antsika mianakavy

Ho karakaina koa ny tany
Raha doroana ny tanety
Ka inona no fiafarany?
Ny sandam-bokatra mietry.

Raha mitohy ny fihazana
Dia ho lany ringana ny biby
Ka ny zanantsika avy ao afara
No higoka ny mangidy

Mifampiankina ireo
Na ny biby na ny ala
Samy mitondra voka-tsoa
Na any an-tsaha na an-tanàna

Ny ala no mitera-drano
Na lohasaha na rotsak'orana
Marina izany fa tsy angano
Ka aza tavasina, aza dorana

Ny biby koa manampy ny ala
Raha mihinana ny voa
Sao ianao tsy mahalala
Fa io dia marina tokoa

Ho faranako ny feo, sao dia efa lava loatra
Ny fanentanana ekeo, andao isika mba hivoatra

Harovantsika re ny ala
Harovantsika koa ny biby
Ho lovain'ny zanaka amam-para
Fa io ilay HARENA SAROBIDY

Mpanoratra :
RAMAROSON Desiré
Association des Guides AROALA Tolongoina

Tarehimarika

Ny fampiasana sy fandaniana rano isan-taona eto an-tany dia mahatratra 4 miliara metatra kioba, izany hoe 1.3 tapitrisa litatra isa-tsegaondra. Raha ny vinavina dia tsy haharaka intsony ny tahirin-drano eto an-tany atsy ho atsy, ny mponina rahateo miha mitombo andro aman'alina.

Kajio ny rano fa harena sarobidy!

Vaovao tapatapanany

Fotoam-pambolen-kazo tao Ikongo

Fotoana fambolena-kazo tokoa ny volana febroary hatramin'ny avrily. Ho an'ny kaominina Ikongo manokana dia nandritra ny volana marsa 2013 no fotoana nanatanterahina izany ka nisy ny fiaraha-miasa tamin'ireo Vondron' Olona Ifotony (VOI) sy ireo fiangonana ary ny avy ao amin'ny fandraharahana ny fahasalamana ao amin'ny Distrika. Tsy diso anjara ihany koa ireo tanora mpandala ny zavaboahary tao an-toerana.

Ireo voatanisa ireo moa dia nanome tany fa ny fikambanana Tandavanala kosa no namatsy ireo zanankazo izay nahitana kininina, acacia ary kinana na jatropa.

Raha tanterina fohifohy dia:

- Hazo miisa 1200 no voavolin'ny fiangonana katolika tamin'ny 23 marsa lasa teo ka kininina ny 800 ary kinana na jatropa kosa ny 40. Tanora miisa 210 no niara nirohotra nanatontosa ny fambolena ireo hazo ireo, izay marihina moa fa efa voaomana mialoha ny lavaka.

- Hazo miisa 600 kosa hoan'ny fiangonana FJKM ka mitsinjara ho toy izao: 200 kininina, 200 kinana ary 200 « acacia ». Acacia 200 fototra kosa no voavolin'ny avy ao amin'ny fandraharahana ny fahasalamana.

- Ho an'ireo mpiara miombona antoka akaiky amin'ny fikambanana Tandavanala kosa indray: izany hoe ireo tanora mpandala ny zavaboahary ao amin'ny CEG sy Lycée Ikongo sy ireo Vondron'olona Ifotony dia eo ho eo amin'ny 2000 fototra eo ny fototra zanankazo natsatoka tamin'ity taom-pambolen-kazo 2013 ity.

Isaorana etoana araka izany ireo tanora mavitrika. Isaorana ihany koa ny VOI Magneva ao Antsatrana ary ankasitrahana ireo rehetra nandray anjara tamin'ny fampiroboroboana ny tontolo iainana tamin'ity taom-pambolen-kazo 2013 ity. Raha akapoka izany dia kininina miisa 1300 no voavoly, acacia 1900, kinana 600 ankoatr'ireo zanankazo nomena ny isambatan'olona.

Samy nanome toky moa fa hikorokoro sy hikarakara ireo hazo novoleny avy ireo nanatanteraka fambolena-kazo. Mbola hitohy ny fambolena-kazo mandritra ity avrily 2013 ity ka hovoizina hatrany ho filamatra ny hoe : "izay mamboly hazo no hanan-kialofana".

Rija Ikongo

Fiaraha-mientana amin'ny fambolena-kazo tao Ikongo



Fanentanana ankalamanjana tao amin'ny tsenan'Ambohimitombo I

Fanentanana ho fikajiana sy ho fiarovana ny tandavan'ala COFAV

Ny 20 ka hatramin'ny 24 mars 2013 no natomboka tao amin'ny kaominina Ambohimombo I sy Ambohimombo II ny hetsika fanentanana ho fitantanana sy fikajiana ny tandavan'ala Ambositra-Vondrozo sy ny harena voajanahary ao aminy. Fanombohana ihany moa ity hetsika ity fa mbola ho tohizana hatrany amin'ireo Kaominina sy Faritra rehetra manamorona ny tandavan'ala.

Nandritra ny fanentanana dia saika voasolo tena avokoa ny sokajy rehetra, nahitana ireo solotenam-panjakana izay notarihin'ny tao amin'ny Foibem-paritra miadidy ny Tontolo Iainana sy Ala Amoron'i Mania, ny Ben'ny tanàna sy ny mpiara-miasa aminy, ny Sefo fokontany, Ireo Raiamandreny To-teny sy Raiamandreny ara-panahy, ny Vondron'olona Ifotony ary ireo Fikambanana maro samihafa. Tonga nanatrika ihany koa ireo mpandraharaha hafa sy ireo mpiaramiombon'antoka.

Nandritra ny lahateny nifandimbiasana dia nivoitra hatrany ny fanentanana sy fampahafantarana, ary fanazavana momba ny faritra arovana COFAV na ny Corridor Forestier Ambositra Vondrozo, ny famelabelarana mahakasika ny zo sy tombontsoa ary ny lalàna mifehy ny Harena voajanahary.

Niseho sy nampiharina tamin'ny endriny maro ny fomba fampitahana hafatra tahaka ny fanentanana an-kalamanjana toy ny teny amin'ny tsena, ny fizarana takelaka fampahafantarana sy fanabeazana ary ny fampisehoana karazana hira sy horonan-tsary mifono fanabeazana aratontolo Iainana.

Raha ny fahitana ny fizotrin'ny andro vitsivitsy nanatanterahana ity asa fanentanana ity dia azo lazaina fa vonona ny mponina sy ireo vondrona rehetra voakasiky ny fitantanana sy fiarovana ny ala amin'ny fandraisana ny andraikitra tandrifany azy ireo.

Serasera COFAV

Akon'ny fiofanana mahandro: Kaominina Ambolomadinika

Taorian'ny fiofanana mahandro ho an'ireo vehivavy tao amin'ny Kaominina Ambolomadinika ny volana oktobra 2012 dia niezaka ny solo-tenan'ny vehivavy avy ao Tsararano nampivondrona ireo vehivavy iray tanàna aminy ary nanangana fikambanana.

Ho fampiharana sy fampitana ny fiofanana azo iny dia niezaka nanao fitadiavam-bola ireto fikambanam-behivavy fa tsy niandry fanampiana hividianany ireo akora ilainy amin'ny fampiharana ny fandrahoana ao an-tananany. Araka izany dia miisa telopolo mirahavavy no tonga nanesika kitapon-janakazo tao amin'ny tanin-janakazon'ny CMP Tandavanala ao amin'ny Kaominina Ambolomadinika. Ny solon'andro azon'izy ireo tamin'ny fanesehena kitapon-janan-kazo indray avy eo no nanaovana latsa-kembona ka nividianana sy nikarakarana ireo akora nampiasaina tamin'ny fampiharana.

Mbola manana faniriana ny hampitoba hatrany ny volany izy ireo hitohizan'ny fiofanana mahandro ary mety hitatra ihany koa amin'ny fanaovana asa tanana.

Ravololoniaina

Ny Ananambo

Mazàna eto amintsika dia ny fotoam-pahavaratra no ahitana miharihary sy iainana ny atao hoe tsy fanjarian-tsakafo amin'ny ankapobeny. Amin ny fotoanan'ny fiakaram-bokatra kosa dia takona izany tsy fanjarian-tsakafo izany noho ny hamaroan'ny sakafo.

Ny zava-misy anefa dia azo resena eto amintsika io tsy fanjarian-tsakafo io satria maro ireo karazan-tsakafo mitondra otrik'aina ara-pahasalamana izay tokony hohanintsika mandavan-taona nefa tsy mba mihinana izany isika. Tsy hifanomezan-tsiny aloha fa ny tsy fananantsika sy ny mbola tsy fahafantarantsika no tena anton' izany

Anisan'izany sakafo mitondra otrik'aina ara -pahasalamana izany ny ananambo ary mbola maro ny tsy mahafantatra ny tena fampiasana sy ny tena ilàna azy ity:

Inona daholo no azo ampiasaina azy?

Maro ny vokatsoa amin'ny fampiasana ananambo: tsy vitan'ny hoe azo ampiasaina entina miady amin ny aretina maro fa ampiasaina ihany koa ho ala vadim-boly ; ho vala velona ho an'ny tanimboly sy ny tanàna satria izy dia fatra mpandonaka ny tany. Azo atao laoka ihany koa ny ananambo ; ny raviny ohatra dia mety aminy daholo na mandeha irery toy ny ro matsatso na atao fangaron-daoka: ampiarahina amin'ny patsa na hena, eny na trondro aza. Ny voany mbola tanora kosa dia azonao



Toy izao ny ravin'ny ananambo

ampiasaina toy ny tsaramaso, raha efa matoy kosa ireo voany dia endasina toy ny voanjo.

Tsara tsiro sy mahasalama ny ananambo ; maro ny otrik'aina entiny toy ny:

Ho an'ny raviny

- vitamina C, vitamina B,
 - vitamina A,- Protéina, Faosifaoro
- Ny voany kosa dia mitondra menaka

Santonany amin'ireo aretina sitrana noho ny fihinanana sy ny fampiasana ny ananambo:

- Tazo vony - Aretin'ny taolana
- Tosidrà ambony - Hatavezana diso tafahoatra
- Androbe

Koa dia manentana antsika ary hamboly ananambo. Tsotra ny mamboly ananambo: amin'ny fotoana fiambohan'ny orana na ao anatin'ny fotoan'ny orana no fambolena azy. Tsara raha 30sm toratelo ny habean'ny lavaka, atao mielanelana 4 metatra isaky ny fototra. Aza hadino fa antoky ny fahombiazana ny fifidianana zanakazo tsara. Aza misalasala mananatona ny tekini-sianin'ny CMP Tandavanala akaiky anao indrindra raha mila fanampim-panazavana.

RIVOALIMANITRA Miora

Rarinteny

	1	2	3	4	5	6	7	8
1								
2						■		
3							■	
4						■		
5					■			
6		■		■				■
7			■					
8						■		■

Fomba filalaovana ny rarinteny:

- Miezaka mameno ireo banga ao amin'ny efitra misy nomerao,
- Marihina fa litera iray isaky ny efitra ihany,
- Mitady teny mifanaraka amin'ireo teny efa omena eo ambany araka ny nomerao (1 , 2, 3) sy araka ny fipetrany (mitsangana na mitsivalana) ka fenoina ireo efitra banga.

Mitsivalana :

- 1.Manala baraka. 2.Tsiriritina. Taolana fotsy. 3.Tsara bika.
- 4.Fanamboloana. Tovona. 5.Aretina. Be taona. 6.Ambony.
- 7.Mampisafidy. Fijanonana tampoka. 8. Atsatsika

Mitsangana:

1. Milasilasy. 2.Asakana. Baondy. 3.Tsy maty am-bavany.
- 4.Toneo. Viraty. 5.Omby vahiny tsy misy trafo. Fananako.
- 6.Fizahozahoana. 7.Ranon-daoka. Anano alahelo. 8.Famoahana izay manentsina ao anaty orona.

Dia mazotoa ary miala voly!

Takelaka Fifandraisana Seraseran'ny Tandavanala

Talen'ny Famoahana

Sylvain Andriarimalala

Tonian-dahatsoratra

Joharison Ndriamboavonjy

Mpanoratra

Nivo Raholimalala

Ravololoniaina Marie Juliette

Etienne Razafindraboto

Mamy Fidelis Rakotoarivelo

Rivoalimanitra Miora

Raonimahandry Rija Pascal

Rasolondraibe Joseph

Andriamananjara Herimampianto

Mpandrindra

Manantsoa Tiana

Natonta

SNIC Ankorondrano

Isan'ny natonta : 4 000

Mahafantatra ny biby ao anatin'ny Tandavan'ala



FOSA, FOSSA FOSSANA

Ity biby iray ity dia antsoina hoe Fosa. Fossa Fossana no anarany ara -tsiantifika.

Biby mpihinan-kena izy ity. Mitovitovy hangeza amin'ny saka. Miloko volon-tsôkôla tanora ary somary misy tsipika mainty mitandahatra ny vatany. Matevina ny rambony. Mihinana sy mandripaka ireo biby hafa ity Fosa

ity toy ny: vorona, ny biby mandady, ny sahona ary ireo biby mpikiky toy ny voalavo.

Ao anatin'ny Valanjavaboarin'ny Ranomafana sy ny COFAV no tena ahitana ity Fosa ity aty Fianarantsoa.